FILOHA MARC RAVALOMANANA

Mihazakazaka ho gisitra i Madagasikara amin'izao fotoana

NANATANTERAKA FIKAONANDOHA TETSY AMIN'NY HOTEL CARLTON AMPEFILOHA NY SABOTSY TEO NY RMDM, NA NY RODOBEN'NY MPANOHITRA HO AN'NY DEMOKRASIA ETO MADAGASIKARA, NITARIKA IZANY NY FILOHANY, NY FILOHA MARC RAVALOMANANA. TOY IZAO NY LAHATENINY NANDRITRA IZANY:

Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika afaka mivory sy mandinika ny toe-draharaha eto amin'ny firenena. Aoka ho ankinintsika aminy ity firenena ity, indrindra amin'ireo loza maro nateraky ny andro ratsy izay mitranga amin'izao fotoana izao. Ho azy irery anie ny dera sy ny voninahitra.

Ny voalohan-teniko aloha amin'izao fahavoazana lehibe mahazo ny faritra maro izao noho ny tondradrano, dia miara-miory sy mitrotro ambavaka ireo fianakaviana izay namoy Havana vokatr'iny andro ratsy iny izahay. Miombon'alahelo ihany koa aminareo izay very fanànana ary indrindra voatery nandao ny toeram-ponenanareo noho ny loza mitranga. Manao antso ho antsika vahoaka Malagasy aho mba hifanampy amin'ireo sahirana ary hiaraka hanarina ireo fahasimbana izay misy any amin'ny toerana misy anareo tsirairay any. Rehefa misy ny loza ara-boajanahary tahak'izao dia misy ireo rafitra eto amin'ny firenena izay natokana hanao ny famonjena maika ireo tra-boina sy ireo niharan-doza. Misy ihany koa ny rafi-panjakana natao hanarina haingana ireo fotodrafitr'asa simba, koa inoanay fa efa samy mandray ny andraikiny izy ireo.

Na dia eo aza izany fahasahiranana izany dia faly aho miaraka aminareo eto amin'izao fikaonan-doha iarahantsika izao. Miarahaba anareo avy any amin'ny faritra ihany koa aho tonga soa eto na dia teo aza ny fahasarotana maro samihafa nohon'ny làlana tapaka sy ireo mety olana natrehinareo teny an-dàlana. Miarahaba antsika rehetra izay tafavory eto aho nahatratra ity taona vaovao ity. Enga anie ka hitondra soa ho antsika sy ny firenena ity taona vaovao 2020 ity. Maneho ihany koa ny fisaorana sy fankasitrahana amin'ireo fanomezana nentinareo tsirairay avy izahay. Vokatry ny fitiavana ireny ka mankasitraka indrindra anareo rehetra, Andriamanitra Ray ao ambony anie hitahy antsika rehetra.

Efa nilaza tokoa isika mivondrona ato amin'ny RMDM fa hanao kongresy amin'ity taona ity ka entina hanomanana izany indrindra ity fihaonana izay atao androany ity. Androany izany dia sady hanao jery todika isika no handinika ihany koa ny ho avin'ny firenena sy ny anjara andraikitry ny mpanohitra.

Ny tsara hamafisina aloha dia fivondronan'ny antoko mpanohitra ny RMDM na ny Rodoben'ny Mpanohitra hoan'ny Demokrasia eto Madagasikara. Misy antoko 21 no efa mivondrona ato ary mbola manao antso avo aminareo izay tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana ankehitriny izahay mba ho tonga hampivondrona ny herintsika ato amin'ny RMDM. Hatrany amboalohany dia efa nambaranay fa tsy hanao fanoherana bontolo izahay fa hanao kosa ilay antsoina hoe opposition constructive. Ny olana mantsy rehefa tsy mitovy amin'ny mpitondra ny hevitra lazaina na koa manao fanakianana ny mpitondra dia lazaina foana fa hanongam-panjakana ireo na koa hoe manakana ny fampandrosoana ireo. Any amin'ny firenena mandroso mandàla izany demokrasia izany dia misy ireo mpanohitra izay arofanina ho an'ireo izay eo amin'ny fitondrana, satria dia ny tombontsoam-bahoaka no samy katsahina ary fampandrosoana ny firenena no atao. Eo anatrehan'izany dia tsy maintsy misy ny tsy fitovian-kevitra, indrindra eo amin'ny fomba fijery amin'ny fitantanana ny firenena. Andraikitry ny mpanohitra ihany no mitsikera ny asan'ny mpitondra.

Nandritr'izay fotoana nitsanganan'ny RMDM izay dia manan-kolazaina amin'ny vahoaka isika, ohatra amin'izany ny tsy fametrahana ny tany tan-dàlana, ny tsy fisian'ny demokrasia, ny fanitsakitsahina ny lalàmpanorenana, ny tsy fisian'ny fandriampahalemana, ary ny fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka.

Eo amin'izay indrindra dia mahita izahay fa mizotra any amin'ny làlana tsy tokony hizorany ny firenena ankehitriny ka tsy ny tombotsoam-bahoaka no atao laharampahamehana fa izay mahafinaritra ny mpitondra fotsiny na ihany koa ny fiarovana ny tombontsoan'ireo olombitsy fotsiny. Noho izany dia tsy maintsy mijoro sy miteny izahay mba hilaza ny marina amin'ny vahoaka. Aoka ho ampahatsiahivana etoana fa arovan'ny lalàmpanorenana ny fisian'ny mpanohitra sy ny zo maneho hevitra ankahalalahana na ny liberté d'expression. Ny olana anefa dia miezaka hatrany ireo mpitondra ny hampangina ny mpanohitra na koa ireo mpanao gazety tsy mitovy hevitra aminy. Izany hoe mbola tsy mipetraka ny tena demokrasia eto amintsika fa mbola demokrasia sarintsariny na demokrasia sadasada no misy eto.

Ohatra mivaingana amin'izany ny ezaka nataon'ny mpitondra mba hanovana ny lalàna mifehy ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra, dia ny lalàna 2011-013, izay lalàna nataon'ireto mpitondra ireto ihany tamin'ny 9 septambra 2011. Ny fitantanana ny firenena dia tsy azo atao andrana lava izao ka rehefa tsy mety aminao dia ovaina ny lalàna. Eto izany dia mbola mitaky izahay ny hamoahana ny decret d'application an'io lalàna io. Ny fisian'ny statut de l'opposition mazava no ahafahana mametraka ny tena demokrasia ary koa mametraka ny atao hoe stabilité politique rehefa samy mahafantatra ny andraikiny avy ny mpitondra sy ny mpanohitra.

Mety tsy mahatanty ny fanakianana atao azy angamba ny mpitondra, izany hoe tsy democrate fa resabe fotsiny no natao tamin'ireny fampielezan-kevitra ireny. Ny marina dia zavatra roa no tsy maintsy eken'ny mpitondra. Voalohany dia noho ny fandrosoan'ny teknolojia dia afaka maneho hevitra malalaka ny olona tsirairay, ka tsy azonareo sakanana amin'izany, eny fa na dia tsy mikambana amin'ny antoko politika aza izy ireo dia maneho hevitra any amin'ny tambazotran-tserasera any. Izany hoe efa nilaozan'ny toetr'andro ny fanampenam-bava ary ny firenena dia tsy maintsy miroso amin'ny fametrahana ny demokrasia. Ny faharoa dia ny vokatrin'ny fifidianana tamin'ny 2018 dia mametraka ahy avy hatrany ho filohan'ny mpanohitra satria izaho no laharana faharoa tamin'iny fifidianana iny. Izany hoe manana ny atao hoe légitimité aho amin'ny maha mpanohitra ahy. Izahay koa anefa dia nanaraka ny voalazan'ny lalàna 2011-013 satria nifidy ahy ho lehiben'ny mpanohitra ireto mpikambana ato amin'ny RMDM ireto. Tsy azo atao hodian-tsy hita izany rehetra izany. Izany légitimité izany dia niainga tamin'ny fifidianana ary nohamafisin'ireto antoko mpanohitra mivondrona ato amin'ny RMDM izao.

Hamafisinay etoana fa aoka atao mazava ny famoahana ny decret d'application ny lalàna misy fa ny tsy fanaovanareo an'izany dia efa midika sahady fa matahotra ny mametraka ny demokrasia tena izy eto Madagasikara ianareo sady tsy manara-dalàna raha teo ihany koa. Efa mazava moa fa tsy mbola misy eto amintsika izany firenena tan-dalàna izany na ny État de droit. Ny lalàna misy dia ampiharina ho an'ireo olona tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra sy ireo olona tsy mahafantatra olona ao amin'ny fitondrana. Matetika ihany koa dia hampiharina ny lalàna rehefa misy tombontsoa ho an'ny mpitondra fa hodian-tsy hita izany rehefa ny mpanohitra no mitaky izany.

Raha tamin'ny fifidianana ben'ny tànana farany teo no jerena dia mazava ny voalazan'ny lalàna mifehy ny fifidianana fa ny lisi-pifidianana izay no-arrêter tamin'ny 15 mey 2019 ihany no tsy maintsy ampiasaina ary tsy azo kitihina mihintsy io raha tsy ny Président ny Tribunal de Première Instane ihany no mandidy izany. Izahay anefa manaporofo fa nokitihina io liste io kanefa tsy nisy mihintsy ny didy avy amin'ny Président ny Tribunal.

Ny fitsarana rahateo ihany koa dia tsy mahaleo tena, porofon'izany ny karazana fitarainana, na interpellation nalefan'ny mpitsara sasantsasany avy ao amin'ny Tribunal Administratif tany amin'ny Transparency International izay nilazan'izy ireo mazava fa tratry ny tsindry avy amin'ny fitondram-panjakana izy ireo. Midika izany fa tsy araky ny lalàna ny didim-pitsarana tamin'ny 8 janoary lasa teo. Aiza izany ny fahamarinana?

Araky ny voalazako teo dia mizotra any amin'ny làlana tsy tokony hizorany ny firenena. Tena latsaka ao anatin'ny krizy ara-tsosialy sy ara-toekarena ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny vahoaka tena mahantra, tsy hita izay tena fanamboarana ireo foto-drafitr'asa, tsy misy ny fandriampahalemana, tsy misy ny fanajana ny tany tan-dalàna ary tsy mipetraka ny demokrasia sy ny firenena tsara tantana. Ny famatsiana rano madio eto andrenivohitra aza tsy misy kanefa dia zo fototra izany rano madio izany. Mbola feno bidons jaunes milahatra manerana ny tanàna. Hatramin'ny oviana no afaka mandefitra ny vahoaka?

Vao tsy ela akory izay dia namoaka ny Transparency International eo amin'ny tahan'ny kolikoly fa laharana faha-158 eo amin'ny firenena 180 isika tamin'iny taona 2019 iny. Izany hoe nihemotra laharana 6 be izao raha laharana faha-152 izany ny taona 2018. Tsy ny mpanohitra velively no nandahatra an'io fa fikambanana iraisam-pirenena tena manana ny maha-izy azy. Mipetraka ny fanontaniana hoe mifaninana ho an'ny amin'ny farany ve isika no dia mihemotra foana? Tsara ny mampahatsiahy anareo fa efa tany amin'ny laharana faha-85 amin'ny firenena 180 isika tamin'ny taona 2008. Izany hoe tena mihazakazaka mankany amin'ny farany isika izao raha ny firenena rehetra mihazakazaka mba ho voalohany. Izany dia midika fa miha-mitombo ny kolikoly eto amintsika. Mipetraka ny fanontaniana hoe tena misy ve ny finiavana hanafoana ny kolikoly sa fitaovana entina hanenjehana ireo tsy mitovy hevitra fotsiny ihany no ataon'ny mpitondra? Hita mantsy izany tamin'ireo fanenjehina ireo olona sasany akaikin'ny fitondrana teo aloha fa ireo izay eo amin'ny fitondrana amin'izao toa tsy hita izany ezaka izany.

Tsy misy ny fandriampahalemana na ny ety an-tanàndehibe izany na ny any ambanivohitra. Tena very fanahy mbola velona ny Malagasy satria dia tsy misy mpiaro intsony kanefa voalaza fa nomena fitaovana ireo mpitandro filaminana sy ny miaramila. Ny zavamisy hita aloha tamin'iny taona lasa iny dia entina hanaovana ramatahora an'ireo olona sy vondron'olona tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra fotsiny izy ireo, fa tsy alefa miaro ny vahoaka sy ny fananany. Noho izany tsy fisian'ny fandriampahalemana izany dia tsy afaka mamokatra ara-dàlana ny vahoaka. Miraviravy tànana ireo tantsaha maro an'isa.

Izany tsy fisian'ny fandriampahalemana izany ihany koa dia manakana ny fampiasam-bola eto amin'ny firenena. Ny fampiasam-bola anefa no miantoka ny famorona asa ho an'ireo Malagasy maro tsy an'asa ireo. Ho an'ireo mpampiasa vola dia manampy trotraka ny tsy fisian'ny sécurité physique ny tsy fisian'ny sécurité d'investissement. Tsy mbola mametraka fitokisana amin'ny fampiasam-bola eto ireo mpandraharaha vahiny mpampiasa vola. Raha efa maherin'ny 1,13 lavitr'isa dolara ny fampiasam-bola avy any ivelany na ny investissement direct étranger tamin'ny taona 2008 dia nitontongana be hatramin'ny taona 2010, ka tsy mihoatra akory ny 400 tapitrisa dolara izany amin'izao. Izany dia midika fa tsy mbola mipetraka ny fitokisan'ireo mpampiasa vola. Tena misy fiantraikany eo amin'ny famoranan'asa sy ny ady amin'ny fahantrana izany. Ny mahagaga anefa dia tsy hita izay tena paik'ady atolotry ny mpitondra.

Ny tianay ho lazaina dia tsotra, tsy mamaly ny laharam-pahamehan'ny vahoaka ny fitondrana. Ny firenena miha-mahantra hatrany, noana ny vahoaka, tsy misy ny famoronan'asa, ary manjaka ny tsy fandriampahalemana kanefa ny mpitondra dia mbola variana amin'ny mahafinaritra sy ny fiarovana ny tombontsoan'ny vitsy an'isa fotsiny. Hoy ny ray aman-dreny Kardinaly hoe "ataon'ny vitsy an'isa ampihimamba ny harena eto Madagasikara."

Ry vahoaka Malagasy,

Tsy afaka ny hangina fotsiny amin'izao izahay mpanohitra manoloana izany fitantanana firenena tsy mahomby izany. Averinay hatrany fa tsy maintsy mijoro izahay. Ny mpanohitra no arofanina ho an'ny fitondrana. Izahay koa anefa dia manao antso avo amin'ny vahoaka Malagasy, aza variana amin'ny mahafinaritra isika fa katsaho hatrany ny mahasoa. Mifohaza eo amin'ny torimaso ianareo, zon'ny tsirairay no mitaky fanazavana amin'ny mpitondra eo amin'ny fitantanana tsy manjary. Tsy maintsy misy ny tamberin'andraikitra na ny redevabilité ny fitondrana fa tsy voahozona ahantra akory isika Malagasy.

Eto ampamaranana dia manantitrantitra ho antsika rehetra aho fa natao ity fikaonan-doha androany ity mba hanomanana ny kongresy izay ataontsika tsy ho ela. Manarak'izany dia manao antso avo aminareo antoko izay mbola vonona ny hanatevin-daharana anay, raisinay an-tanan-droa ianareo fa tongava maro satria tanindrazana iombonana i Madagasikara ary ny mitabe tsy lanin'ny mamba. Ho antsika rehetra manatrika eto kosa dia sahia mandray ny andraikitrareo miaro ny tombontsoan'ny vahoaka. Sahia mijoro sy miteny rehefa misy zavatra tsy ara-dàlana na koa mandeha any amin'ny tsy tokony ho izy any amin'ny toerana niavianareo tsirairay any. Arovy ny fahamarinana, ny fihavanana Malagasy ary ny demokrasia. Aza avela ho rendrika ny firenentsika.

Hombantsika lalandava Andriamanitra